Gazetin'ny

# AD2M

April 2023 / Laharana faharoa



## ANDOHO:
Nivoatra mihatsara hatrany ny seha-piharian'ireo tantsaha noho ny fahavitan'ny fotodrafitrasa

## ZO LALAINA:
Tanora mavitrika sy mahavita azy amin'ny fambolena tsaramaso

## VONDROVE:
36 taona aty aoriana, velona ihany koa ny mponina sy ny tananan'i Vondrove

## MPV:
Nanatsara ny fari-piainan'i Tidjar, narefo ara-pivelomana taloha

## FOTODRAFITRASA:
Santionany amin'ireo Fotodrafitrasam-pamokarana nahorina sy nohajarian'ny tetikasa AD2M

FIDA
Investir dans les populations rurales
OPEC FUND

# Matoandahatsoratra



**Andriamatoa Mamy Hary Tiana RAZAFINDRIAKA**
**Mpandrindra ny Tetikasa AD2M**

Ny tetikasa AD2M II dia tetikasam-pampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, mikendry ny fampiroboroboana ny fambolena, izay manome lanja ny famokarana manaraka ny teknika sy ary mahazaka ny fiovan'ny toetr'andro, ny fiarovana ny fananan-tany, ny fitantanana ny harena voajanahary ary ny fidirana amin'ny tsena tsara kokoa.

Mba ahafahany manatratra ny tanjona dia misy sokajin'asa 3 ao anatin'ny Tetikasa AD2M dia ny Fampiroboroboana ny rafitra famokarana mahomby sy mahazaka ny fiovan'ny toetr'andro, ny Fanohanana ny fidirana amin'ny tsena ary ny Fitantanana sy fanjohiana ary fanombanana ny tetikasa. Ny faritra Menabe sy Faritra Melaky no iasan'ny tetik'asa ka Kaominina 47 anaty distrika 7 no voakasik'ireo asa mivantana.

Betsaka ireo asa efa notanterahan'ny Tetikasa anatin'ity phase II ity toy ny fanomezana fiofanana mahakasika ny famokarana, ny famatsiana fitaovana, ny fanaraha-maso sy fitadiavana lalam-barotra, ny fananganana na fanavaozana fotodrafitrasa mba ho fampitomboana n+ velaran-tany afaka volena, ny fiasana tany amin'ny ekitara maro, …
Tsy asa fotsiny izy ireny fa mahavelom-panantenana ny fahitana ireo tombontsoa entin'izy ireny ho an'ireo tantsaha mpamokatra.

Ohatra amin'ireny ny ao Vondrove, izay nanova tanteraka ny fiaraha-monina sy ny fari-piainan'ny mponina ny fahavitan'ny fanavaozana indray ny Fotodrafitr'asa fitarihan-drano sy fahazoana masomboly ; ny fandrosoan'ireo tantsaha mpamokatra raha nahazo ireo tohana ara-piofanana sy fitaovana avy amin'ny Tetikasa ary tohana amin'ny fitadiavana lalam-barotra toa an'i Zo Lalaina, mpamokatra tsaramaso ao anatin'ny distrikan'i Miandrivazo ; ny fahaizan'ireo mpahazo tombontsoa nampihatra ireo fiofanana azony toa ireo mpahazo tombontsoa tao Komotra, distrikan'Antsalova.
Marobe tsy voatanisa ireo fivoarana sy fandrosoana voaray, marobe ihany koa ny asa efa tanteraky ny Tetikasa nandritra izay fotoam-piasany izay. Mbola fanamby apetraky ny Tetikasa kosa ny famitana tanteraka ireo fotodrafitrasa amin'ity taona 2023 ity. Isan'izany ny ao Marifilaly (1600 ha), ny ao Beboka (1600 ha), … mba ahafahan'ireo tantsaha mamokatra misimisy kokoa.

Santionany vitsivitsy amin'ireo asa vitan'ny Tetikasa ao anatin'ny Faritra Melaky sy Menabe no ho tanterintsika anatin'ity laharana faharoan'ny Gazetin'ny AD2M ity. Manasa anao ary mba handray izany indray ary hahazo fifaliana eo am-pamakiana azy.

Efa andalana mamara-pamaranana ny tetikasa AD2M II isika izao ka sady manamafy ny fahaiza-mitantana sy fampitaovana no mamindra tsikelikely ny fitantanana fotodrafitrasa naorina eo amin'ny vondronolona ifotony hiandraikitra izany aoriana kely.
Nisy anefa ny madilana hotetenina amin'ny famitana ireo fotodrafitrasa fampidirana rano mba hampaharitra ny fampiasana azy aoriana ary nohon'ny lalàna mifehy ny tolobaro-panjakana dia misy fepetra maromaro ampiharin'ny tetikasa ankehitriny ary hihazakazahan'ny tomponandraikitra isantsokajiny.

Na dia hifarana tsy ho ela aza ny tetikasa dia mitohy ny fanohanana entin'ny sampandraharaha miankina amin'ny fanjakana niarahana niasa ary hitombo ihany koa ny filàna antontambaovao ara-teknika sy ara-barotra illain'ireo tantsaha ireo.

# Fizahan-takelaka


- ANDOHO: Nivoatra ny seha-piharian'ireo tantsaha.....pejy 3
- VONDROVE: hahafehy ny fanoratana sy kajikajy ireo tantsaha.....pejy 4
- ZO LALAINA: tanora mavitrika sy mahavita azy amin'ny fambolena tsaramaso.....pejy 5
- 36 taona aty aoriana, velona ihany koa ny mponina sy ny tananan'i Vondrove.....pejy 6
- Lemaky Kamoko: Miroborobo ny voka-bary ao Masoarivo.....pejy 7
- Manampy ny tantsaha ny fisian'ny «boutique d'intrants» ao Mandabe.....pejy 8
- Nanova ny fiainan'i Soamisy Jean Claude ny tohana azony tamin'ny tetikasa AD2M...pejy 9
- PEC BEMOKOTRA: antoky ny fahombiazan'ny voka-bary.....pejy 10
- MPV: Manatsara ny fari-piainan'ny marefo....pejy 11
- Fotodrafitrasam-pamokarana nahorina sy nohajarian'ny tetikasa AD2M.....pejy 12 - 13
- Fitsidihana nahazoana fahalalana maro ho fampiroboroboana ny Fikambanana.....pejy 14
- Vaovao mahakasika ny tetikasa .....pejy 15



**TALEN'NY FAMOAHANA:**
RAZAFINDRIAKA Mamy Hary Tiana

**TONIAN'NY LAHATSORATRA:**
RANDRIANTSOA Maminiaina

**NANATONTOSA:**
Miarivola Herinasandratra
ANJARASOA Zozeny Valessa
RAZAFIMAHATRATRA Tsanta N.

**NANDRINDRA NY PEJY:**
RAZAFIMAHATRATRA Tsanta N.

**TRANOPRINTY:**

**ISAN'NY NATONTA:**
1500

**ad2m@ad2m.mg**



# ANDOHO: Nivoatra ny seha-piharian'ireo tantsaha

**"Raha nametraka ny fangatahanay izahay ny amin'ny tokony hanamboarana fotodrafitr'asa hanondrahana ny tanimbarinay ato Andoho Kaominina Betsioky, dia tsy niandry ela akory fa dia notanterahan'ny tetikasa AD2M, izany".**

Taorian'ny fandalovan'ireo Teknisianina avy amin'ny tetikasa AD2M tao amin'ny Kaominina Betsioky dia nametraka fangatahana ireo tantsaha mba hanamboarana ny fitarihana ireo rano teraka avy ao Andoho mba hanondrahana Fambolena vary. Tontosa ankehitriny ny fanamboarana ny fotodrafitrasa ary efa tonga eny an-tanimbary ny rano. Afaka manao fambolem-bary in-droa isan-taona ireo tantsaha manodidina ny 100 ao Betsioky ka 70 ha no voatondraka amin'ny asara ary 40 ha kosa amin'ny asotry raha toa ka zara raha afaka mamboly in-dray isan-taona izy ireo teo aloha nohon'ny fahaverezan'ny rano..

## Niakatra avo telo heny ny vokabary

Taorian'ny fahavitan'ny fotodrafitrasa ny taona 2020, dia nahazo tosika tamin'ny tetikasa AD2M ireo tantsaha mamboly ao anatin'ny Lemak'i Andoho , Kaominina Betsioky, Distrika Manja, Faritra Menabe. Nahazo fiofanana amin'ny teknika fambolem-bary mahomby sy mahazaka ny fiovan'ny toetr'andro izy ireo. Nahazo fanohanana ara-pitaovana toy ny angadin'omby, hersa, sacrcleuse… ary nahazo tahiry tamin'ilay karazam-bary SEBOTA 70. Ny taom-pambolena voalohany dia efa nihatsara ny vokatra satria nisy ireo tantsaha nahazo taham-pamokarana hatramin'ny 5 taonina/ hektara, ary afaka mamboly vary in-droa anaty taona iray. Velom-bola izy ireo araka izany satria nihatsara ny farim-piainany.

Mba hahafahana mikoja ny fotodrafitrasa dia natsangana ny Fikambanan'ny mpampiasa rano izay hivondronan'ireo tantsaha. Misy ny latsakemboka izay alohan'ny mpikambana ary misy ko any "redevance" izay alohan'ireo tantsaha isaky ny hekitara (18 000 ariary/ha). Mahatsapa ny mahazava-dehibe ny fikojana ireo tantsaha ka mazoto amin'ny fandoavana ireo adidiny ireo.

Isan'ireo mivondrona ao anatin'ny fikambanan'ny mpampiasa rano i Andriatafita Noelson. Nahatsapa fiovana izy hatramin'ny nisian'ny tetikasa AD2M. Ohatra amin'izany ny nahazoana fiofanana, azony amin'ny teknika fambolem-bary sy ny fambolena ny karazam-bary SEBOTA 70, izay vahaolana, hahafahana mamokatra, manoloana ny fiovan'ny toetrandro. Natoro nandritra ny fiofanana ireo dingam-pambolena samihafa: ny famafazana, ny fanetsana, ny fiavàna…. Hita mivaingana ny fahasamihafan'ny vokatra azo amin'ny fambolem-bary manaraka teknika sy ny fambolena nentim-paharazana satria sady tsy mandany masomboly no betsaka kosa ny vokatra azo. Tombony ho azy ihany koa ny fahazoany fiofanana mahakasika ny kaontim-pamokarana: manomboka amin'ny famafazana ny voam-bary mandrapiakatry ny voly, izay nahafahany mikajy sy mitsinjara ny vola miditra aminy.





# VONDROVE: hahafehy ny fanoratana sy kajikajy ireo tantsaha

**Mbola maro amin'ireo mpitarika fikambanana eny ifotony no tsy mahay mamaky teny sy manoratra, sakana lehibe izany amin'ny fanatanterahany ny andraikitra izay sahaniny. Izany indrindra no nahatonga ny tetikasa AD2M nampianatra azy ireo mamaky teny sy manoratra.**

Tokana ny tanjona: «mba hahay»…. Hany ka tsy nataon'izy ireo sakana ny taona. Tsy nisalasala, nandray anjara tamin'ny fampianarana ny olona tao Vondrove, kaominina Beharona.Tsy nandia sekoly izy ireo ary izao vao hanomboka hiofana hanoratra sy hamaky teny. Fangatahan'ny maro an'isa any ambanivohitra ny hisian'izay fampianarana ho an'ny olobe izay ato amin'ny faritr'i Menabe. Resy lahatra rahateo izy ireo ny ho amin'ny tombontsoa ho azony amin'izany. Na tsy nahay taratasy aza izy ireo teo aloha, ankehitriny kosa dia tsy matahotra ny ho ambakain'ny olona intsony, mahay manisa vola ary mahafantatra ny lanjan'ny vokatra amidy. Ampinga manampy azy ahita asa tsara ihany koa ilay fahalalana azony.







## Ny mpampianatra…..zanaky ny faritra ihany

Nosafidiana manokana ny olona mahafehy ny tenim-paritra aty an-toerana mba hampianatra ireo olobe. Mialoha ny nandraisany izay andraikitra izay nefa, misy aloha ny fiofanana narahiny nandritra ny 10 andro, momba ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ho an'ny olobe. Aorian'izay vao manatanteraka ny fampiofanana ireo mpahazo tombontsoa eny ifotony. Iray amin'ireo mpampianatra olobe i Njaka izay niofana nandritra ny andro vitsivitsy tany Morondava. Na vao sambany nisy toy izao aza tao Vondrove, antenainy fa ho mora mandray lesona ireo olobe nampitany fahalalana.

An-dalam-piroboroboana ihany koa ny fiofanana mamaky teny sy manoratra ho an'ny olobe any amin'ny kaominina Ankiliabo ho an'ireo mpitarika koperativa tohanan'ny tetikasa amin'ny zotram-pihariana katsaka . Fanamby apetraka ny hampahaleo tena ny tantsaha sy hahafehezany ny tontolon'ny seha-pamokarana hilofosany: mahay mivarotra, mahay mandanja, mahay miserasera sy mitady lalam-barotra, indrindra hahafehy ny fitantanana ny koperativa na misintaka aza ny tetikasa.

## Iantohan'ny AD2M ny fitaovam-pianarana

Mpikambana amin'ireo koperativa ireo ihany no omena tombontsoa hianatra mamaky teny sy manoratra. Manodidina ny 250 eo ny mpisitraka amin'izao fiofanana izao. Mitsinjara ho 02 karazana ny faharetan'ny fiofanana ka maharitra enimbolana eo izany, ho an'ireo vao miditra mianatra. Marihana fa ny tetikasa AD2M no miantoka maimaim-poana ny fitaovam-pianarana rehetra mandritra ny fotoam-pianarana (penina, kahie, fitsipika ary solaitra).



# ZO LALAINA: tanora mavitrika sy mahavita azy amin'ny fambolena tsaramaso

Mpamokatra tsaramaso any amin'ny kaominina Andranomainty, distrikan'i Miandrivazo i RAVO YVES STANISLAS ZO LALAINA na i Zo 26 taona. Avy any Ambositra izy no nandeha nanorim-ponenana tany Miandrivazo, rehefa afaka bakalorea, ka tsy nahomby tamin'ireo fifaninanana samihafa hidirana manohy fianarana amin'ny ambaratonga ambony. Nirona tamin'ny sehatry ny fambolena ny tovolahy ary ny fambolena vary no nanombohany. Taona vitsivitsy lasa anefa, nifototra tamin'ny fambolena tsaramaso ny tenany. Nanamarika an'i Zo Lalaina ny taona 2018, nampianaran'ny teknisianin'ny AD2M azy ny fomba fambolena tsaramaso, tamin'ny alalan'ny saha sekoly, izay nahafahany nianatra sy nahafehy ny teknika fambolena tsaramaso ary koa nahazoany tahiry tsaramaso 20 kg. Tany am-piandohana dia 1 hektara no tany novoleny tsaramaso, ary nitombo isan-taona izany. Ankehitriny, 15 hekitara, izay 5 hekitara no azy manokana ary 10 hektara kosa hofaina, no tany amboleny tsaramaso izay hahazoany vokatra tsaramaso manodidina ny 16 taonina. Ankoatra ny voly tsaramaso dia mampihatra fifandim-biasam-boly eo amin'ny tany hamboleny izy ka ny voly vary sy/na tsako no ataony amin'izany.
Hoy i Zo: «Mahavelona ny fambolena tsaramaso, raha misy voly hafa atao mifanindran-dalana aminy»
Tsy nijanona tamin'ny asa famokarana ny tenany, fa nitady lalana ho an'ireo vokatra azony, ka nanampy azy ny nandraisany anjara tamin'ny «FIER MADA», ny taona 2019. Herintaona taorian'izay, nanaraka fiofanana, momba ny «agri-business» sy ny «Fifanarahana ara-barotra izy". Izany rehetra izany dia noho ny fanohanan'ny tetikasa AD2M azy.

Taty aoriana dia nivondrona niaraka tamin'ireo tantsaha namany izy ary nanagana ny Kaoperativa SOA EZAKA. Mahatratra 45 ny mpikambana ary 164 ha ny tany hambolen'izy ireo, izay vinaina hamokatra tsaramaso 200 Taonina. Nahazo tohana avy amin'ny tetikasa AD2M ny Kaoperativa misy azy mba hanohanana azy ireo amin'ny famokarana ka Masomboly katsaka 03 taonina sy Masomboly Tsaramaso 04 taonina no azon'izy ireo tamin'izany. Marihina fa karazany 02 ny tsaramaso ambolen'i Zo dia ny Tsaramaso fotsy "RI 52" sy ny Tsaramaso Vanda mena "CAL 98". Anisan'ny faniriany moa ny hamokatra masomboly.

## Vidim-bokatra tsy mahafa-po ny tantsaha

Anisan'ny sakana iray lehibe ho an'ireo tantsaha ny vidim-bokatra. Vahaolana nataon'ny tetikasa AD2M dia ny nampifandray ny Kaoperativa tamin'ireo Mpandraharaha ara-toekarena izay mpividy ny vokatry ny tantsaha, ary anisan'izany ny orinasa SOAFIARY. Na izany aza, olana eo amin'ny tsena ny vidim-bokatra ary tsy mahafa-po ny tantsaha. Tsy mifanaraka amin'ny fandaniana amin'ny fambolena izay mahatratra hatrany amin'ny 1 350 000 Ariary-1 800 000 Ariary, ny vidim-bokatra azo. Ireo mpanangom-bokatra ety ifotony no tena mahazo tombony hoy ireo tantsaha.

## Miantraika mivantana amin'ny fambolena tsaramaso ny fiovan'ny toetr'andro

Miankina tanteraka amin'ny fahabetsahan'ny orana mandritra ny taom-pahavatra ny famokarana tsaramaso ao amin'ny Lemaky Betsiriry. Miovaova anefa izany ankehitriny ary misy ny fotoana izay tsy azo hambolena ireo tany noho ny tsy fahampian'ny rano. Marihina fa ny reniranon'ny Mahajilo, Mania no manondraka ireo baiboho fambolena tsaramaso ireo ka rehefa tsy ampy ny hamandoanan'ny tany dia ambany ny taham-bokatra azon'ireo tantsaha.
Anisan'ny mampiavaka ny vokatra tsaramaso avy ao Miandrivazo moa dia izy tsy hampiasana zezika, na Organika izany na Mineraly.





# 36 taona aty aoriana, velona ihany koa ny mponina sy ny tananan'i Vondrove

**36 taona tsy afaka namokatra ireo Tantsaha tao Vondrove, Kaominina Beharona, Distrikan'i Manja ao amin'ny Faritra Menabe. Ankehitriny, mahavelom-bolo ny fiovana tazana, manomboka maresaka ao an-tanàna.......**

Nanamarika ny tantara tao Vondrove ny taona 1985 izay nahafaty ny fotodrafitrasa fitarihan-drano hanondrahana ny lemaka fambolena taorian'ny fandalovan'ny rivo-doza Dorà. Tototry ny fasika ny lakan-drano, tsy afaka nambolena intsony ireo tanimbary midadasika.
Ny taona 2021, vita ny fanarenana ny fotodrafitrasa izay notanterahin'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana



tamin'ny alalan'ny tetikasa AD2M ary vatsian'ny FIDA Vola, niverina namboly ireo tantsaha. Niaraka tamin'ny fanamboarana ny fotodrafitr'asa, nomen'ny tetikasa tohana toy ny fiofanana momba ny teknikam-pambolena, ny fitaovana ihany koa ireo tantsaha, ary nampidirina ny karazam-bary SEBOTA 70. Nanomboka ny volana martsa 2022, niakatra ny vokatra, faly ireo tantsaha.

## Nioty vokatsoa tamin'ny fampianaran'ny tetikasa AD2M

Tantsaha iray Mijoro vavolombelona tamin'ny niainany i Rakotoralay Jean Baptiste: «Taloha ny trosan'olona manala 20 daba na 30 daba noho ny tsy fisian'ny vary. Rehefa niditra ny vary madinika sebota 70, hananan'ny olona trosa fa kely ary afaka mampiana-janaka ara-dalàna. Afaka mitsabo raha sendra tsy fahasalamana. Tsy toy ny taloha, lasa mahavidy savony ka mba madio ny ankizy mandeha mianatra.»
Resy lahatra ireo tantsaha fa mahavelona ny fambolena satria nioty vokatsoa tamin'ny fampianarana nentin'ny tetikasa AD2M. Raha tsy be velarana ny tany novolen'ny olona taloha, mifanohitra amin'izay ny amin'izao. Efa mihitatra rahateo ny seha-pihariana momba ny fambolena, tsy natao ho sakafon'ny ankohonana fotsiny ireo vokatra fa hamidy ihany koa.
Taorian'ny 36 taona, tamin'iny 2022 iny vao nisy vokatra voalohany indray, avy amin'ny lakandranon'i Vondrove. Mahatsapa fivoarana ireo tantsaha mpahazo tombontsoa. Matoky sy mazoto izy ireo satria nahita ny fiovan'ny fiainany noho ny fisian'ny AD2M. Raha mitohy izao, ho lavitry ny mosary ny mponina. Mampanantena ny eto Vondrove fa afaka 03 taona, afaka mamatsy ny faritra hafa amin'ny vokatra vary izy ireo.

## Tazamaso ny fiovana!!!

Tanàna mangina, tsy maha te honina ny tanan'ny Vondrove sy ireo tanàna manodidina azy teo aloha. Na misy ary ny vola, tsy misy ny zavatra ho vidiana. Tsy nahitana mpivarotra, sarotra ny mitady ireo zavatra ilaina an-davanandro toy ny siramamy, menaka, savony sns. Ankehitriny kosa, niova ny tanàna. Efa maro ireo trano kaky (mitafo fanitso), efa feno mpivarotra izay ilaina an-davanandro, misy mpivarotra akanjo, misy hotely fisakafoanana....eny efa misy hatramin'ny toerana fandriam-bahiny aza. Maresaka eo am-povoan-tanàna rehefa hariva ny andro. "Efa manambola izahay ankehitriny, hafa ny taloha, na ny ampela efa vao aby siky, efa manao menaka tarehy. Ny anakinay efa mandeha lakilasy, efa mahavily fanafody izahay rehefa marary"hoy hatrany ny solontenan'izy ireo.
Ankoatr'izay, efa maro ireo asa hafa sy seha-pihariana niforona. Raha tsy nahitana ireny toerana fandisam-bary ireny teo an-toerana taloha, ankehitriny efa misy 08 izy ireo.
Afaka taona vitsy, mbola antenaina ho tsara kokoa ny fiovàna indrindra rehefa vita ny tapany faharoa amin'ny asa fanitarana ny lakan-drano ka ho feno 1800 ha ny lemaka ho voatondraka sy azo hambolena.



# Lemaky Kamoko: Miroborobo ny voka-bary ao Masoarivo

**Namaha ny olana teo anivon'ireo tantsaha mpamboly vary ary nahafahana nampitombo ny vokatra ireo asa fanamboarana tao Kamoko, Kaominina Masoarivo, Distrikan'ny Antsalova Faritra Melaky izay notontosain'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana tamin'ny alalan'ny tetikasa AD2M.**

Tsy dia lehibe ny asa natao nefa kosa nanahirana ireo tantsaha, izay no antony nandraisan'ny tetikasa AD2M ny asa fanarenana. "Diguette" 01 km sy "Fascine" na "Tohadrano vita amin'ny akora eny an-toerana", ireo ny asa natao tamin'izany. Na dia vita amin'ny akora eny an-toerana aza nefa ny asa dia maharitra sady mafy. Mora amin'ireo olona eny an-toerana rahateo ny fikojakojana. Misy ny rafitra mpitantana napetraka hitantana ny lemaka, izay hijery ny asa fanamboarana atao mialohan'ny taom-mpambolena ny volana Febroary.

Azo tsapain-tanana ny asa vita: velona ary azo hambolena vary ny tany 150 ha ao amin'ny Lemaka. Tsara ny manamarika fa ny lemaka fambolem-bary ao Kamoko dia sokajiana ao anatin'ilay antsoina hoe "Perimètre d'Epandage des Crues" na "PEC" izay faritra hiandronan'ny rano amin'ny Asara ary hambolem-bary avy eo.

Mba hahafahana mikojakoja ny fotodrafitrasa, nanao latsakemboka ireo tantsaha ka nahafahana nividy Solika "Gasoil" manodidina ny 6 000 litatra izay nampiasaina tamin'ny fitaovana avy amin'ny Faritra Melaky. Io no nahafahana nanamboatra "diguette" mirefy 4 km ka nahazoana velarantany fanampiny teo amin'ny 30 ha ary koa nanadiovana ny lakandrano tao Amborondolo.

Vavolombelon'ny mpiasa ny bainga mivadika, izay no vina ho an'ny fikambanana «ASA FA TSY KABARY» izay mitantana ny lemak'i Kamoko ao amin'ny Kaominina Masoarivo, Distrikan'ny Antsalova, Faritra Melaky.

Ankehitriny, efa mahaleotena tanteraka ireo tantsaha ary efa afaka miatrika samirery ny fikojana ireo fotodrafitr'asa. Efa afaka mividy ny fitaovana mandeha milina hiasana ny tany toy ny "motoculteur" sy ny "tracteur" ihany koa satria efa mihavitsy ny omby azo ampiasaina ary midadasika rahateo ny velarantany volena.

Mba hahafahana mikojakoja ny fotodrafitrasa, nanao latsakemboka ireo tantsaha ka nahafahana nividy Solika "Gasoil" manodidina ny 6 000 litatra izay nampiasaina tamin'ny fitaovana avy amin'ny Faritra Melaky. Io no nahafahana nanamboatra "diguette" mirefy 4 km ka nahazoana velarantany fanampiny teo amin'ny 30 ha ary koa nanadiovana ny lakandrano tao Amborondolo.

Manodidina ny 3T/ha ny taham-bokatra azo ao amin'ny lemaky Kamoko ary efa mihatsara ihany koa ny vidim-bokatra na dia tsy mbola mahafapo ireo tantsaha ary satria efa mahatratra 10 000 Ariary ny daban'ny vary akotry ankehitriny raha 2 300 Ariary ny fividianan'ireo mpanagom-bokatra azy teo aloha.

Mirehareha ny tantsaha, raha 16 ohatra no hany vary azon'ny SOALILY isan-taona, mahatratra 150 daba izany ankehitriny. Ny fahavitan'ireo asa fanatsarana tao anatin'ny lemaky Kamoko no nahafahany namboly tamin'ireo taniny, izay tsy azon'ny rano teo aloha.



Famokaram-bary ao amin'ny lemaky kamoko



# Manampy ny tantsaha ny fisian'ny «boutique d'intrants» ao Mandabe

**Ny volana martsa 2022 no nisokatra ny "Boutique d'intrants" "Mahavonjy Tantsaha" ao amin'ny Kaominina Mandabe, Distrikan'ny Mahabo, Faritra Menabe. Vahaolana ho an'ireo tantsaha amin'ny fividianana ireo karazana hanam-pamokarana ilaina toy ny fitaovana, fanafody, ny zezika, masomboly izay voatery hafarana lavitra : Mahabo na Morondava.**

Io ao mandabe io irery ihany ny «boutique d'intrant» ao natain'ny kaominina Mandabe sy ireo kaominina manodidina: Beronono, Ambia izay manaraka ny lalàna. Rehefa andro tsena no tena manjifa ireo vokatra ao amin'ny botika ireo tantsaha avy amin'ireo tanàna manodidina. Mahafapo ireo mpanjifa ihany koa ireo entana satria tsara kalitao avokoa ary hafarana avy any an-drenivohitra avokoa. Efa manana mpamatsy moa izy ireo ny amin'izay.

Ankoatrizay, misy teknisianina fambolena izay avy amin'ny ONG-T Code Menabe izay miara miasa amin'ny tetikasa AD2M manao tantsoroka teknika sy manoro ireo tantsaha ireo hanam-pamokarana izay ilaina, ny fomba fampiasana ireo fanafody sy ny zezika.





Tsena "MAHAVONJY TANTSAHA"

Tamin'ny taona 2021 no vita ny trano "Boutique d'intrants" tao Mandabe izay namboarin'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana tamin'ny alalan'ny tetikasa AD2M. Nikaroka olona ny tetikasa mba hitazona izany tsena izany ka Ramatoa RAMANAMBITANA Dayana Cécile Monackchie no voasafidy tamin'izany. Nisy ny fiofanana izay narahiny ka ny teo anivon'ny "Direction de la Protection des Végétaux" na ny DPV teo anivon'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana no nanome izany. Nahazo taratasy fahazoan-dalàna ara-dalàna izy mba hahafahany manao ny varotra hanam-pamokarana.

Ny trano ihany anefa no natolotra azy mba hivarotany fa izy ihany no niantoka ny vola niaingana. Lelavola teo amin'ny 03 tapitrisa Ariary no nampiasainy tany am-boalohany. Fanamby ho amin'ny ho avy ny hampitombo ireo karazana entana hafa tadiavin'ny tantsaha: zezika isan-karazany, fanafody sns sy ireo fitaovam-pamokarana lehibe. Eo ihany koa ny hanitatra ny fifandraisana ara-barotra amin'ny mpamatsy entana ka hahazoana entana amin'ny kalitao tsara hatrany.

Endrika iray hanehoan'ny mpitantana ny famonjena ny tantsaha araka ny anarany "MAHAVONJY TANTSAHA" ny fanekena trosa ataon'ireo tantsaha mpamokatra. Izany dia natao hitsinjovana ireo tantsaha amin'ny fahasahiranana mandritra ny taom-pambolena. Rehefa miakatra ny vokatra vao mandoa ny vidiny ireo tantsaha. Eo koa ny fampanofàna ireo fitaovana toy ny "pulvérisateur" izay manalefaka ny vola mivoaka amin'ireo tantsaha nefa kosa hahafahana mikarakara ny fambolena.

Nisy akony lehibe ho an'ireo tantsaha ny fisian'ity "Boutique d'intrants" ity, Mora kokoa ny hanam-pamokarana ka manamaivana ny fandaniana ho an'izy ireo. Afaka hiaraha-miasa tsara ihany ko any mpitantana ary MAHAVONJY TANTSAHA araka ny anarany. Na izany aza mbola misedra olona ny mpitantana. Anisan'izany ny fisian'ireo mpivarotra izay tsy ara-dalàna mivarotra hanam-pamokarana eo an-toerana. Miteraka faty antoka ho an'ny mpitantana izy ireo ary indrindra ho an'ireo tantsaha satria mamarotra entana tsy manaraka ny fenitra ary indrindra lany daty.



# Nanova ny fiainan'i Soamisy Jean Claude ny tohana azony tamin'ny tetikasa AD2M

**Isan'ny mampalaza ny distrikan'Antsalova, Faritra Melaky ny fiompiana tantely. Misy ny tantely an'ala, ary misy koa ny tantely azo avy amin'ny fiompiana. Azo atao fototr'asa ary mahavelona tsara ny Fiompiana Tantely raha tena hilofosana….tahaka ny nataon'i SOAMISY Jean Claude ity.**

12 taona lasa izay, voatery nitsoaka, 02 km miala ny tanànan'ny Masoarivo, Distrikan'ny Antsalova, Faritra Melaky i Soamisy Jean Claude noho ny fahasahiranana. Izay manam-bola ihany no to teny sy henoina, noho izany navahan'ny fiarahamonina izy. Nipetraka 04 taona ivelan'ny tanàna i Jean Claude no tafahoana tamin'ny teknisianin'ny AD2M ary nilofo, vokany miisa 04 ny tranon'i Jean Claude nkehitriny ao Masoarivo.
Nisehatra tamin'ny voly vary ny tenany ary nahazo tohana avy tamin'ny tetikasa mba hanatsarana io velompony io toy ny: fiofanana amin'ny tekinika fambolena vary, fahazoana masomboly sy fanafody hiadiana amin'ny bibikely ary koa fitaovana vitsivitsy izay nitambarany tamin'ireo namany (herse, charrue, pulvérisateur, sarcleuse). Nisy anefa ny sakana izay tsy nahafahana namokatra vary, teo no niova ny fiainan'ny Jean Claude…

## Ny filofosana, fototry ny fahombiazana

Isan'ny Kaominina mbola misy ala ny Kaominina Masoarivo ary manana faritra ala arovana. ankoatra izay ny fisian'ny ala Mokonazy izay marobe. Nanentana ireo tantsaha tany an-toerana ny amin'ny fiompiana tantely ny tetikasa AD2M ka anisan'ireo olona nirotsaka nianatra izany fiompiana tantely izany i Jean Claude ny taona 2012 ary tena nazoto sy liana tanteraka. Tohoka tantely iray no niaingana ary nanitatra tsikelikely. Telo taona taty aoriana, miisa 86 ny tohoka tantely maoderina ananan'ny Jean Claude miampy ireo tohoka nentim-paharazana vitsivitsy. Ranon-tantely 35 "Bidons" (700 litatra) eo ho eo no azony amin'reo tohotra ireo isan-taona.
Tany am-piandohana, olana ny mivarotra ny vokatra noho ny fahambanian'ny vidin'ny vokatra andraisan'ny mpanangom-bokatra azy. Nivondrona niaraka tamin'ireo mpiompy namany izy ary nanagana Kaoperativa, izay teo ambany tantsoroky ny tetikasa AD2M hatrany. Nikaroka lalam-barotra mahomby izy ireo nandritra ireo fitsidihana sy fandraisana anjara tamin'ireo tsenabe isan-karazany toy ny FIA, FIEPA…sy ny teo amin'ny sehatra Rezionaly. Ankehitriny efa misy ny mpandray ny vokatra ary amin'ny vidiny tsaratsara kokoa noho ny teo aloha.

## Nahazo ary mizara

Nahomby ny fiompian'i Jean Claude ary afaka niverina indray teo anivon'ny fiaraha-monina izy. Lasa isan'ireo olona to teny sy hangatahana hevitra izy ankehitriny ary olona fitaratra eo anivon'ny Kaominina. Tsy nitazona ny fahombiazana ho azy samirery anefa izy fa nizara izany tamin'ireo manodidina. Mampianatra tanora mahakasika ny fiompiana tantely izy ankehitriny ary mitsidika ireo namany manara-maso ny fiompiana ataon'izy ireo ihany koa.
Na eo aza anefa ny fahombiazana azony, tsapany fa mbola misedra olana ny fiompiana tantely any an-toerana. Voalohany amin'izany ny vesatra mahazo ny ala sy ny tontolo iainana. Manomboka miha ringana tsikelikely ny ala any an-toerana noho ny fitrandrahana sy ny filan'ny mponina amin'ny fanorenana, ny kitay, ny arina fandrehitra. Ny doro ala sy ny tevy ala mba entina hambolena indray moa tsy lazaina intsony. Isan'ny olàna nosedraina ihany koa ny fahatongavan'ny aretina varoa tany an-toerana ary ny tsy fahitàna ireo hanam-pamokarana sy fitaovana ilaina amin'ny fiompiana.
Ny vahaolana noraisiny ny fambolena hazo "leucenia" mba ho sakafon'ny tantely, eo ihany koa ny fampiasana "romba" mba hiadiana amin'ny varoa. Nandroso hevitra ihany koa anefa izy ny tokony hametrahana lalàna mifehy ny fiompiana toy ny fameràna ny taom-piotazana ho eo anelanelan'ny volana Mai sy Oktobra mba hiarovana ny fotoam-panatodizan'ny renintantely.
Marihina fa ny Tantely Mokonazy izay anisan'ny tsara sy betsaka mpitady no vokarin'ny SOAMISY Jean Claude.





# PEC BEMOKOTRA: antoky ny fahombiazan'ny voka-bary

Anisan'ireo toerana fambolem-bary ao amin'ny faritra Melaky ireo lemaka voasokajy anaty "PEC" na "Perimètre d'Epandage des Crues". Tohanana amin'ny tohadrano vita amin'ny tany sy hazo ny rano amin'ny asara mba tsy ho very ka io no entina hambolena vary. Mafy ny asa satria heritsandry no hanatanterahana izany ary tsy maharitra ny tohadrano hany ka isan-taona tsy maintsy misy fanamboarana atao hatrany. Izany no iainan'ireo mpamboly vary ao amin'ny lemaky Bemokotra izay ao anatin'ny Kaominina Bemokotra Sud, Distrikan'ny Maintirano, Faritra Melaky.

Tsy mitazam-potsiny ny ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana, manoloana izany, fa nitondra fanampiana, tamin'ny alalan'ny tetikasa AD2M, ka nametraka fotodrafitr'asa maharitra mba hitazomana ny ranon'orana entina hambolena vary. Nosoloina tohadrano "Beton" avokoa ireo tohadrano vita tamin'ny tany sy akora any an-toerana.


Na dia mbola ampahany ihany aza no vita amin'ireo fotodrafitr'asa dia efa nahitam-bokany satria mitombo ny velaran-tany azo volena vary, ary maharitra kokoa ny fijanonan'ny rano ao amin'ny Lemaka. Notohanan'ny tetikasa koa ireo tantsaha tamin'ny alalan'ny fampiofanana azy ireo ny teknika fambolena mahomby, ny fizarana karazam-bary mahazaka ny fiovan'ny toetr'andro, ny fanomezana azy ireo fitaovana entina hamokarana toy ny angadin'omby, hersa, rayonneur….

Noho ireo asa natao ireo dia nihatsara ny vokabary ao anatin'ity lemaka ity raha ny taom-pambolem-bary 2021-2022 no jerena. Niova tanteraka ny fomba fambolen'ireo tantsaha vary ary toy izay ihany koa ny taham-bokatra azo. Raha manodidina ny 500kg-700 kg isaky ny hektara ny vokatra azo tany aloha, misy amin'ireo tantsaha no mahazo hatramin'ny 5 taonina/ha ankehitriny.

Vinavinaina hanondraka tanimbary 280 hektara ny fotodrafitr'asa rehefa vita tanteraka ary tokantrano an-jatony no hahazo voka-tsoa amin'izany satria sady velarantany midadasika kokoa no azo hamokarana tsara.

## Natsangana ny COGEPEC

Mba hahafahana mitantana sy mikojakoja ny fotodrafitr'asa, natsangana ny Komity mpitantana na COGEPEC ao amin'ny Lemaky Bemokotra. Andraikiny ny mandrindra sy mandamina ny fotoana, hanaovana ny fikojakojana sy ny mitady ny enti-manana hanatanterahana izany izay atao ao aloha, mandritra, ary aorian'ny fotoam-pambolena. Misy arak'izany ny latsakemboka alohan'ny mpikambana isan-taona, hitsinjovana ny filàna ara-bola hikojakojana ny fotodrafitrasa. Tsiahivina fa manodidina ny 400 ireo tantsaha mivondrona anaty COGEPEC.







# MPV: Manatsara ny fari-piainan'ny marefo

**Anisan'ny tohana omen'ny tetikasa AD2M ho an'ireo tantsaha ny antsoina hoe "Tetikasa Madinika ho an'ny Marefo" na ny "Micro-Projet au Vulnerable" (MPV). Misy seham-pihariana maro voakasika toy ny fambolena Legioma, Fiompiana akoho amam-borona, Fiompiana ondry aman'osy, ny Jono, ary eo koa ny Fanaovana Sakafo.**

Tsy maintsy manenjika 8 000 ariary amin'ny fivarotana mofo isan'andro i Ramatoa Tidjar taloha, mba anefany ny fandaniana ao an-tokatranony isan'andro, hampianarany ny zanany ary handoavany hofa-trano. Tsy manam-bady izy saingy manana zanaka roa kosa izay 07 sy 10 taona. Mipetraka ao amin'ny Kaominina Tambohorano, Distrika Maintirano, Faritra Melaky. Ankehitriny anefa, mahatratra 30.000 ariary isan'andro ny vola miditra amin'ny tsenany noho ny tohana azony tamin'ny tetikasa AD2M.

Niaina tao anatin'ny tsy fahampiana izy 3 mianaka izy satria varotra mofo masaka entina mandehandeha mitety sekoly no nitadiavany vola. Fahasahiranana lalina isan'andro no niainany. Tafiditra tao anatin'ireo sokajin'olona marefo afaka misitraka ny "MPV" tao Tambohorano i Tidjar taorian'ny sivana nataon'ny tetikasa AD2M. Ny fanatsarana sy fampiroboroboana io asa fanaony mahazatra io ihany no tetikasa nosafidiany.Nahazo fitaovan-dakozia maromaro izy tamin'izany tohana izany toy ny "sceau", ny koveta, ny vilany, ny sotrobe, ny lovia. Nanokatra toerana kelikely fanaovana sy fivarotana sakafo amin'ny hotely tao an-toerana ireo fitaovana azony ireo tsy najanony akory ny fivarotana mofo eny amin'ireo sekoly ao an-toerana fa samy nataony avokoa.
Nahita fivoarana teo amin'ny fiainany Ramatoa

Tidjar. Lasa trano fisakafoan'ny olona eo an-toerana sy ireo mpandeha fiara mpitatitra ny toeram-pisakafoanana izay tantanany. Mahafa-po ny mpanjifa rahateo ny tolotra izay omeny noho ny fahaizany mahandro sakafo.
Tsy izy irery ihany anefa no nahazo ny tombotsoa tamin'ny tohana azo avy amin'ny tetikasa AD2M fa ireo mivondrona ao anatin'ny fikambanana «MAMIRATRA» . Samy nahita fahombiazana avokoa tamin'ny alalan'ny "Tetikasa madinika ho an'ny Marefo" ny mpikambana ary nivoatra fari-piainana tahaka an'i Tidjar ihany koa.









# Fotodrafitrasam-pamokarana nahorina sy nohajarian'ny tetikasa AD2M

Manana anjara toerana lehibe amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy amin'ny firenena iray ny rano. Isan'ny fototra noho izany izy io ahafahana mamokatra araka ny tokony ho izy raha ny famokarana ara-pambolena no resahana. Isan'ny imasoan'ny Tetikasa AD2M, izay Tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary vatsian'ny FIDA vola ny fanorenana na fanajariana lemaka voatondraka mba ahafahan'ny mpamokatra manama vokatra ampy rano sy mba hampitomboana ny velaran-tany azo volena ao anatin'ny Faritra roa iasany dia ny Faritra Melaky sy Menabe.

Efa maro ireo fotodrafitrasa efa vita tanteraka ary efa miasa amin'izao fotoana noho ny fanohanana nataon'ny Tetikasa, misy ihany koa ireo mbola andalam-pamitana.

Ankoatry ny fananganana na fanajariana fotodrafitrasa, mbola ezaka tontosain'ny tetikasa AD2M ihany koa ny fanamorana ny fandinihana ireo andinin-dalàna mifehy ny rafi-pitantanana ireo mpampiasa rano eo anivon'ny mpikambana ao amin'ny komity mpandrindra. Misy ihany koa ireo fanamorana ahafahan'ny AUE mahafehy ny fitantanana ny fotodrafitrasa toy ny fiofanana, ny fanatontosana "visite échange", …

Ndao ary ho jerentsika ao anatin'ity laharana faharoa amin'ny gazetim-pifandraisana ity ireo fotodrafitrasa 4 amin'ireo fotodrafitrasa lehibe efa natsangan'ny tetikasa tao anatin'izay fotoana efa niasany izay.

## VONDROVE: Kaominina Beharona, Distrikan'i Manja, Faritra Menabe

Ny lemaka voatondraka ao VONDROVE dia voavatsy rano amin'ny alàlan'ny barazy fisintoman-drano avy amin'ny renirano Mangoky. Nanomboka tamin'ny taona 1940 no efa niasa saingy nitsahatra tsy niasa kosa nanomboka ny taona 1985, noho izy tototry ny fasika tsikelikely taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Dora, sy noho ny tsy fisian'ny fikojakojana taorian'ny fisintahan'ny fanjakana. Mikendry indrindra ny hanitatra ny velaran-tany ho volena hatramin'ny 1800 ha ny fandraisan'anjaran'ny tetikasa ho fanarenana ny PI Vondrove ka ahazoana voka-bary fanampiny hatramin'ny 2.275 taonina isan-taona.





## BEBOKA: Kaominina Antsalova, Distrikan'i Antsalova, Faritra Melaky

Tsy maharaka ny fiovan'ny fari-dranon'ny reniranon'i Beboka intsony ny toerana misy ny faritry Beboka-Ampamoty, izay afaka nambolena hatramin'ny 500 ha talohan'ny taona 1981. Tsy afaka manao fambololem-bary ankoatry ny amin'ny fotoan'ny orana ny mpamboly ary amin'ny velaran-tany kely dia kely noho ny tsy fahampian'ny famatsian-drano. Manodidina ny farihy sisa no mba ahafahana manao fambolem-bary amin'ny ary amin'ny velaran-tany 50 hektara eo ihany no afakaanaovana izany. Nifindra monina vonjimaika eny amin'ny lemak'i Bemamba ny ampahany amin'ny mponina amin'ny fambolem-bary amin'ny fitotonganan'ny tondra-drano, ary miverina rehefa tapitra ny fotoam-pambolena. Ny fanajriana ireo fotodrafitrasa manodidina ny lemaka voatondraka dia ahafahana manondraka 1.600 ha amin'ny asara ary 500 ha amin'ny "contre saison".



Mahatratra 1.064 ireo mpisitraka hahazo tombony ao anatin'ity fotodrafitrasa ity ary voka-bary fanampiny hatramin'ny 6.300 taonina isan-taona kosa no vinavinaina ho azo.





## MARIFILALY: Kaominina Marohazo, Distrikan'i Maintirano, Faritra Melaky

55km miala ny tanànan'i Maintirano, atsimon'ny reniranon'i Manambaho no misy ny kaominina Marohazo sy ahitana ny lemaka voatondraka Marifilaly. Asa fototra no nanaovana ny fambolem-bary voatondraka tao amin'ity kaominina ity, saingy ny tondra-drano tamin'ny taona 1971 no nitarika ny halalin'ny reniranon'i Marifialy ka nandrava ny fidiran'ny rano rehetra. Nanomboka teo dia saika tsy misy vary voatondraka avy amin'ny reniranon'i marifilaly intsony teo amin'ny Kaominina, maro ny tantsaha niala ny toerana, ary tena voafetra ny fananan'ireo izay mbola nanaiky nijanona teo an-toerana, ka mahatonga azy ho lasa kaominina tena marefo sy tratran'ny tsifanjariantsakafo. Mikendry ny hampitombo ny velaran-tany ho voatondraka sy hampivelarana ny voly vary hatramin'ny 1.600 ha amin'ny vanim-potoanan'ny asara ary 530 ha amin'ny "contre saison" ny fanajariana ny fotodrafitrasa ao anatin'ny lemaka voatondraka Marifilaly.

Mahatratra 893 ireo mpisitraka hahazo tombony ao anatin'ity fotodrafitrasa ity izay ao anatin'ny Fokontany Beteno, Ambatovaky, Ambohibe, Namoasy.

Efa ny 83%n'ny asa ankehitriny no vita soa amantsara








## MANJABE: Kaominina Manja, Distrikan'i Manja, Faritra Menabe

Hatramin'ny andron'ny fanjanahantany dia ilay tohodrano nentim-paharazana, fahanan'ny loharano ambanin'ny tany, no manondraka ny velaran-tanim-pambolem-bary ao Manjabe ary natao ho famatsiana rano fisotro ho an'ny mponina ao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Manja.

Ny taona 1987, notendrena tamin'ny fomba ofisialy ny JIRAMA ho tompon'ny fotodrafitrasa sy miantoka ny fitantanana sy fikojakojana azy. Tamin'ny taona 1991 dia nisy ny fanarenana natao teo amin'ny haavon'ny tohodrano sy ny fitahirizan-dranon'ny JIRAMA, ka namela famoahan-drano telo (03) ho an'ny fanondrahana ary fivoahana mivantana eo amin'ny sisiny havian'ny loharano. Tamin'ny taona 1996 no nisian'ny fampandrosoana sy fanarenana farany nataon'ny JIRAMA.

Noho izany, ny fanajariana nataon'ny Tetikasa AD2M ny taona 2021 dia ny asa fanorenana ny lakandrano ao anatin'ny lemaka voatondraka MANJA BE, ny tohodrano ary ireo kanala 5 mpizara rano









# Fitsidihana nahazoana fahalalana maro ho fampiroboroboana ny Fikambanana

**Nandray fampianarana sy nifampizara ny fahaiza-manao sy traikefa tamin'ireo tompon'andraikitra tao Alaotra Mangoro ny mpikambana ao anatin'ny biraon'ny FMR ao anatin'ny Faritra Melaky sy Menabe .**

Mpitarika Fikambanan'ny Mpampiasa Rano na FMR miisa 32 avy amin'ny Faritra Melaky sy Menabe no nanatanteraka fifanakalozana tamin'ireo tompon'andraikitra FMR tao Alaotra Mangoro, distrikan' Ambatondrazaka sy Amparafaravola. Delegasiona izay notarihan'ny fitaleavam-paritry ny Fambolena sy Fiompiana Melaky sy Menabe ary ireo teknisianin'ny tetikasa AD2M.

Tanjona nandritra iny fitsidihana sy fifanakalozana fahaiza-manao iny ny mba hampitombo ny fahalalan'ireo mpitantana voafidy anatin'ny biraon'ny FMR sy ny Federasiona mitantana ny fikambanana mahakasika ny fitantanana ny rano. Miroborobo ny FMR ao Alaotra Mangoro ary lehibe ihany koa ny fotodrafitrasa tantanan'ny fikambanana mpamiasa rano ao an-toerana. Izay indrindra no nifampizarana traikefa tamin'ireo vahiny nandalo avy aty Menabe sy Melaky.

Betsaka ireo fahalalana notovozina nandritra ny dia, nisy ny fahaiza-manao norantovina mahakasika ny antom-pisiana sy ny asa tokony hataon'ny mpikambana anatin'ny birao mpitantana mba hampiroborobo ny Fikambanana. Mizara 3 ny lesona azo nandritra ny fitsidihana rehetra natao, voalohany ny mahakasika ny fanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fahalalana ahafahan'izy ireo manantanteraka antsakany sy andavany ny andraikitra tandrify ny tsirairay manoloana ny Fikambanana, ny faharoa indray dia ny fahazoana ny fahalalana ilaina mba ahafahan'ireo tompon'andraikitra vaofidy hanantanteraka ny adidy sy andraikitra mifanandrify aminy amin'ny fitanatanana, ny fikojakojana, ny fanarenana, ny fiarovana ary ny fitandremana ny tambajotra, ary ny fahatelo farany kosa dia ny famolavolana miaraka ireo drafitr'asa mba ahafahana manana programanasa mandritra ny taona.

Ankoatra ny dinidinika rehetra, nisy ihany koa ny fidinana teny amin'ny tambazotra nahafahana nijery ireo fotodrafitrasa tao Alaotra Mangoro tao amin'ny PC-23 sy LOVOKA faritra Alaotra Mangoro distrika Ambatondrazaka.

Nahazo traikefa sy hevitra ary fahalalana ireo mpitarika avy any Melaky sy Menabe ary vonona hampihatra izany any amin'ny Lemaka misy azy ireo tsirairay.

**Miarivola - CODE MENABE**

Sary nandritra ny fitsidihana









# Vaovao mahakasika ny tetikasa

## Fanaovan-tsonia fifanekem-piaraha-miasa eo amin'ny AD2M - FNF ary nny FTM



Vita ny 10 Febroary tao amin'ny birao fiasan'ny Fonds National Foncier (FNF) eo Andranomena ny fifanaovantsoniam-piaraha-miasa eo amin'ny AD2M sy ny FNF ary ny FTM.
Vaindohan-draharahan'ny Ministeran' ny Fambolena sy ny Fiompiana ny hahazoan'ireo tantsaha Malagasy ny taratasi-tany, amin'ny alalan'ireo tetikasa maro eo ambany fiahiany toy ny CASEF, AD2M… Ny tetikasa AD2M manokana izay vatsian'ny FIDA vola dia misehatra mivantana amin'izay fananan-tany izay ao amin'ireo faritra izay hiasany dia ny Faritra Menabe sy Faritra Melaky. Anisan'ny asa tohanana sy hiaraha-miasa amin'ireo Kaominina ny fananganana ny Birao Ifoton'ny fananan-tany na BIF, ny fametrahana ireo rafitra mitantana sy miasa ao amin'ny BIF, ny fampitaovana, ny famoahana ny KARATANY.
Voarakitra anatin'izao fiaraha-miasa izao ny fametrahana ireo « Point Géodésique » miisa fito (07) ao anatin'ny faritra Menabe, Melaky, Atsimo-Andrefana, Atsimo-Atsinanana, Ihorombe, Vatovavy ary Fitovinany. Ny tetikasa AD2M no manohana ara-bola ny fametrahana izany, ny FTM kosa no hametraka azy raha toa ka ny FNF no hanao ny fandrindrana ankapobeny sy hanaramaso ny fametrahana azy ireny.

## Fizarana tohana ondry aman'osy ho an'ireo tantsaha mpiompy ao anatin'ny faritra Menabe



Paikadin'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ny hanatratrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo eo amin'ny lafin' ny fiompiana, ka isan'izany ny fizarana ondry aman'osy ho an'ireo tantsaha mpiompy sokajiana ho marefo nefa vonona hivoatra amin'ny fiainana.
Notanterahina izany nanomboka ny volana Ho fampiroboroboana ny sehatry ny fiompiana ondry aman'osy ho an'ireo tantsaha mpiompy voasokajy ao antin'ny Distrikan'i Morondava, Mahabo, Miandrivazo, Belo/Tsiribihina ary Manja, izay samy ao anatin'ny Faritra Menabe, nisy ny fizarana ondry aman'osy.
Raha ho an'ny Distrikan'i Morondava sy Mahabo manokana, dia osy lahy sy vavy miisa 140 no nozaraina hoan'ireo Tantsaha mpiompy mivondrona ao anaty fikambanana miisa 12. Ho an'i Distrikan'i Miandrivazo, ondry miisa 75 no nozaraina ka tokantrano miisa 15 no nisitraka ondry lahy 1 sy vavy 4 avy. Tokantrano miisa 35 indray no nisitraka osy 5 avy (lahy 1 sy vavy 4) tao amin'ny Distrikan'i Belo amoron'ny Tsiribihina ary osy miisa 110 kosa no nozaraina ho an'ireo tantsaha mpiompy tao amin'ny Distrikan'i Manja
Nosafidiana manokana ny fiompiana ondry aman'osy noho izy ireo mitombo haingana sy mora manaranaka.

## Fanolorana fitaovana ho an'ny DRAE Menabe



Notoloran'ny tetikasa AD2M-II; izay tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana fitaovana entina miasa sy manatsara hatrany ny asany ny eo anivon'ny Fitaleavam-paritry ny Fambolena sy ny Fiompiana eto Menabe.
Misokajy telo ireo fitaovana ireo izay ahitana fitaovana informatika toy ny «ordinateur portable» miisa 02 sy «imprimante» miisa 02; fitaovana ilaina ao amin'ny trano fiasana toy ny «banquette d'attente 03 places» miisa 02, «table de bureau» miisa 03, «chaise de direction» miisa 05, ary «Chaise» 10; ary farany ny «appareil topographique»01.
Antenaina fa hitondra anjara biriky amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana izay sahanin'ny DRAE Menabe ny fampitaovana natao.

## Fanjohiana ny Tetikasa AD2M




Ny 20 febroary hatramin'ny 3 martsa no nanatanterahana ny fanjohiana ny Tetikasa AD2M. Miandrivazo, Andranomainty, Anosimena, Malaimbandy, Belo, Tsimafana, Tsaraotana, ireo ny toerana notsidihana tamin'izay.
Ny ekipan'ny FIDA, ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Ministeran'ny Toe-karena sy ny fitantanam-bola, ny ekipan'ny Tetikasa AD2M, ireo no nandrafitra kosa ny ekipananao ny fanjohiana.
Nahatratra 20 ny toeranana nanaovana fitsidihana tao anatin'ny distrikan'i Miandrivazo, sy Belo/Tsiribihina ary Mahabo ary tafiditra ao anatin'izany ny lemaka voatondraka MIGODO I sy TSARAOTANA.
Isan'ny nanamarika ity fanjohiana ny tetikasa ity ny fitafatafana mivantana tamin'ireo mpisitraka ny tetikasa mba ahafantarana ny fiantraikan'ny tohana natao amin'izay ireo sy nahafantarana ny fahavitrihana amin'ny fikojakojana ny fotodrafitrasa, fijerena ireo zava-bita rehetra sy ireo asa mbola andalam-pamitana tao anatin'ireo distrika 3 ireo.
Voajery tamin'izany fa efa maro ny zava-bita saingy fanamby miandry ny tetikasa kosa ny famitana ireo foto-drafitrasa sy ny fanamafisana ny fahaiza-mitantana sy fampitaovana ary ny famindrana tsikelikely ny fitantanana fotodrafitrasa naorina amin'ny vondron'olona ifotony hiandraikitra izany aoriana kely.

## REPARTITION PAR COMMUNE DES PETITS PEPINIERISTES DE PROXIMITE SOUTENUS PAR LE PROJET

************

1. CR Marohazo : **Mr RAKOTONIAINA Raymond**, Localité Beteno, Fokontany Beteno
2. CR Betanantanana :
   - **Mr MAHASOA Ernest**, Fokontany Ambalasatra , Tél: 034 70 101 53
   - **Mr MORA Jean Fily**, Fokontany Ambalasatra; Tél: 032 74 956 77
   - **Mr ZELIMA**, Fokontany Analamaniko Tél : 032 55 311 32
3. CR Antsalova : **Mr NOSITA**, Fokontany Arindrano, Tél: 032 66 223 89
4. CR Andranomainty:
   - **Mme NOELIARISOA Hajandrainy**, Fokontany Andranomainty, Tél: 034 32 831 73
   - **Mr RABENANDRASANA Alfred**, Fokontany Betalatala, Tél: 033 06 058 32
   - **Mme RAZAFIARISOA Marie Adeline**, Fokontany Andranomainty, Tél: 033 80 541 09
5. CR Beharona :
   - **Mr RAGEMSON Léonstin**, Fokontany Beharona, Localité Beharona Tél: 034 49 556 62
   - **Mr RANDRIAMBOLOLONA Aristide**, Fokontany Vondrove, Localité Vondrove Tél : 034 75 663 93
6. CR Betsioky : **Mr RONE**, Fokontany Betsioky Tél: 032 42 823 60
7. CR Ankiliabo
   - **Mr MIRAY Baka**, Fokontany Besatroka, Localité Fiadanana, Tél: 032 47 926 74
   - **Mr RAZAFINIRAINA** Jean de la Croix, Fokontany Ankiliabo, Localité Fiadanana, Tél: 032 62 806 63
8. CU Manja : **Mr. RAZAFIMAHALEO Edouard**, Fokontany Manja II, Localité, Manja II




## AD2M Madagascar

**Adresse:** Ex-bâtiment HASYMA, enceinte cité SEIMAD Tsimahavaokely (619) Morondava
**Email:** ad2m@ad2m.mg
**Telephone:** +261 34 05 415 38/+261 33 40 250 52

www.ad2m.mg

AD2M TV

AD2M Madagascar